






DivineRevelation.info

***(Mandray fitenenana ny mpanentana :)***

***Tamin'ny 1992, i Choo Thomas, americano-coréenne iray dia lasa kristiana nateraka indray.Miavaka tokoa ity tantara ity satria roa taona taorian'ny nampiova fo azy dia novangian'i Jesosy Kristy avy any nazareta i Choo.Efa nahita ny lanitra im-betsaka izy ary efa nahita ny helo in-droa koa.***

***Noraketin'i Choo Thomas amin'ny boky io zava-niainany io; boky mitondra ny lohanteny hoe "Heaven is so Real" (tena misy marina ny paradisa).Navoaka tamin'ny octobra 2003 izy io.***

***Herin-taona monja taorian'ny nivoahany dia nalaza maneran-tany io boky io, no sady nokilasiana ho anisan'ireo boky kristiana folo tsara indrindra tany amerika.Tsy miasa izy fa mikarakara ny ankohonany, Tsy mahafehy fiteny anglisy firy izy, Nefa nahavita namoaka boky amin'ny fiteny anglisy, ary tsy vitan'izay fa anisan'ireo nahalafo boky betsaka indrindra tao anatin'ny herin-taona monja, mahagaga? Fa mbola fanontaniana lehibe noho izany aza angamba ny hoe: Fa nahoana no izao no ivoahan'itony fanambarana itony?***

***Indro ny tantaran'i Choo Thomas***.

Choo thomas : Ray izay any an-danitra, misaotra noho ny famelanao ahy hijoravavolombelona. Halléluia.

Niova fo ho kristiana aho tamin'ny 1992.Lasa tia an'i Jesosy tanteraka aho taorian'ny fotoana vitsivitsy nandehanako tany ampiangonana.Nanomboka teo dia nomeko azy manontolo ny amiko. Hofintiniko aminareo amin'ny teny fohy ny boky iray mitondra ny lohanteny hoe "Heaven is so Real" (Tena misy marina ny paradisa).Nentin'ny Tompo im-17 tany an-danitra aho, nandritry izany dia niova ny endriko, mitovy amiko fony izaho 15 na 16 taona.Talohan'izay dia efa nomanin'i Jesosy tsikelikely aho hiatrika izao fotoan-dehibe izao.Tamin'ny 1994, nodioviny tamin'ny afon'ny fanahy masina ny tenako sy ny maha-izaho ahy.Tokony ho iray volana taorian'izay, tao am-piangonana, nandritry ny fotoam-piderana, niseho tamiko izy.Taty aoriana kely, tamin'ny taona 1995,tamin'ny paska, nomeny hosotra fangovitana aho.Nanomboka teo dia tsy nitsahatry ny nangovitra aho rehefa ao am-piangonana, mandritry ny fotoana ivavahako.Azonare o ? Mandroso mihemotra aho izao, raha tsy manao izany aho dia tsaroako ho feno dia feno ny vavoniko, toy ireny hitriatra ireny, izay no mampandroso mihemotra ahy.Aoka noho izany, raha azo atao, ianareo tsy hihevitra fa misy tsy metimety amin'ny toe-batako.Ny fanahy masina no mampanao ahy izany satria miresaka momba an'i Jesosy aho.Eny ary, taorian'io dia nataon'i Jesosy batisa tamin'ny fanahy masina aho. Niteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho sady nihira sy nifaly ara-panahy.Tena tafiditra lalina aho satria 3 ora be izao no teo amin'ny gorodona tsy afa-nitsangana, nahery ilay hosotra. Volana vitsivitsy taty aoriana, naminany momba ahy ny mpitandrina Larry Randolf. Hampiasain'Andriamanitra amin'ny fomba faran'izay manokana aho, hoy izy tamiko.Voamarina in-1000 heny sy nitranga avokoa ireo faminaniany ireo.

Nanaraka izay, tamin'ny janoary 1996, namangy ahy tamin'ny voninahiny i Jesosy tompo.Nanao izany im-10 izy ka tamin'izany no nilazany tamiko ny fomba hampiasany ahy.Izany rehetra izany, sy ireo zavatra hafa nolazainy dia hita ao amin'io boky io avokoa.Tsy nilaza tamiko izy tamin'ny voalohany fa hitondra ahy any an-danitra.Fa tamin'ny famangiany faharoa, tamin'ny volana febroary 1996 dia Nentiny tany ny fanahiko izay efa niova endrika toy ny azy.Isaky ny alohan'ny hitondra ahy any ambony izy dia mitondra ahy amina morondrano iray Ety an-tany.Tamin'ny

fotoana voalohany niarahako taminy tany an-danitra dia nentiny tamin'ny faritra iray teo amoron'ilay rano aho avy eo natorony sombin-drano manjelatra.Avy eo natorony « tunnel » lehibe mankadiry no sady mamiratra aoka izany. Niakatra tany an-danitra izahay avy teo.

***Rehefa avy nandalo ilay « tunnel » dia hoy i Choo nanohy :***

Nanaraka fidinana tamina havoana mitombandavana izahay sy ny Tompo.Nony farany, tonga teo amim-bavahady fotsy lehibe iray manoloana trano fotsy mankadiry izahay.Nandalo ilay vavahady izahay ka niditra tao amin'ilay trano.Nandalo lalantsara lavalava izahay ary niditra tao anaty efitra malalaka iray avy eo.Rehefa niditra tao izahay vao hitako fa nanao akanjo hafa tsy toy ilay nanaovako teo amoron-drano fony izaho mbola tety an-tany aho.Reko nisy zavatra navesabesatra koa tao an-dohako.Notsapaiko ka hay tsy reko akory fa efa nametrahana satroboninahitra tsara tarehy tao.Nojereko manatrika ny Tompo.Nipetraka tamina seza fiandrianana iray izy, mitafy akanjo fotsy mangatsakatsaka izy ary manao satroboninahitra volamena.Ary ireo hafa teo dia niara-nandohalika sy niankohoka tamiko teo anatrehany.Vita amin'ny vato manjelatra ny rindrin'io trano io.Manome hafanana, hafaliana no sady manafina misitery ilay trano noho ireo vato maro loko ao anatiny.Nony avy eo, tsy hitahita toy ny nitondrana ahy nanavatsava havoana nankeo amin'ilay trano fotsy lehibe dia efa teo amoron-drano aho.Nanoro ny lapany ahy fotsiny izy tamin'io voalohany io.Nidina izahay avy eo ka niara-nipetraka teo amin'ny tora-pasika manamorona ilay rano tety an-tany.Nanomboka niresaqka izahay. Tany amin'ny fanjakan'ny lanintra isika teo, hoy izy***. Ireo izay madio am-po sy mankato ihany no ho any***.Ary hoy ihany izy: "*Torio ny filazantsara, ary izao koa, zava-dehibe !*".Niandry kely aloha izy vao nanohy niresaka indray **: "*ireo tsy manome ny ampahafolonkarena  dia kristiana tsy mpankato.*"** Izay no teny farany nolazainy tamin'io dianay voalohany io.

***Namangy ny paradisa in-16 i Choo taorian'io, toy izao no nosoratany momba ireny famangiana ireny :***

"Miova ny endriko, entin'ny Tompo eo amorondrano aho, ary avy eo entiny manaraka azy any an-danitra".Mandalo amim-bavahady maromaro vita amim-batosoa izahay ary miditra ao amin'ilay trano fotsy hanolo ny fitafianay.Rehefa izany dia miampita eo amin'ny tetezana volamena izahay.Nanjary nahazatra ahy izany rehetra izany.Azoko antoka fa ny mpino rehetra, rehefa ho any an-danitra dia hanao toy izany avokoa.Nentiny in-16 tany indray aho taorian'ilay voalohany, ary isaky ny mandeha dia anehoana zavatra maro samihafa foana Ary rehefa maneho amiko zavatra miavaka izy dia miteny amiko foana hoe : "Ho an'ireo zanako no nanomanako izao rehetra izao, fantatro fa tian'izy ireo izao***! "*** Tamin'ny nanoroany ahy ilay morondrano, ohatra, dia hoy izy *: "****Tsara ity morond-rano ity e? Fantatro fa tian'ireo zanako izy ity e!***".Ary rehefa nentiny nanjono aho  dia hoy izy : "***Fantatro fa tia manjono ireo zanako, izany no antony nanomanako zavatra maro izay fantatro fa tiany.***"Ary hitako fa in-1000 heny ny fahatsaran'ny zavatra any an-danitra miohatra amin'ny ety an-tany.Maro amin'ireo zavatra misy ety an-tany koa anefa no hita any, ohatra hoe ny làlana, ny trano, ny hazo,  ny  bozaka,  ny vatolampy,  voninkazo,  fa any ivelan'ny fanjakana kosa ny toerana mampalahelo.Maro ny zavatra hita any fa saingy tsara lavitra in-1000 henin'ny zava-misy ety, tsara e !Tsy hay faritana ny hatsaran'ny any an-danitra, tsy haiko ny hilaza ny hatsarany, tsara loatra.Tia antsika tanteraka ny tompo.Hitako izany amin'ny fomba fiteniny rehefa manao izy hoe : "***Tena tiako ireo zanako koa nataoko izao rehetra izao ho azy ireo***" izay no nitondrany ahy tany, mba hanehoany ireo zavatra efa nomaniny ho an'ireo zanany.Aoka hampahafantarintsika ny olona rehetra noho izany fa miandry antsika ny fanjakany.Tiany ho fantatry ny kristiana rehetra izany rehetra izany alohan'ny hiverenany mba hahatonga azy ireo hanam-pahavitrihana ho any.Tsy noteneniny sy nasehony ahy avokoa akory ny zava-drehetra.Zava-bitsivitsy ihany no natorony ahy. Miteny zavatra kely fotsiny izy nefa mahalaza ny zavatra tsara ho fantatra rehetra.Izay no maha Andriamanitra fitiavana azy.Deraina ny Tompo!

***Ankoatry ny diany tany am-paradisa dia efa in-2 tany amin'ny helo koa izy, toy izao kosa no nosoratany momba io :***

Nahita setroka mainty sy entona aho niakatra avy tany anaty lavaka lalina.Toy ireny setroka volkano ireny ary tao anatiny aho, nahita afo mirehitra sy olona maro mikiakiaka sy mitomanynho ny fijalian'izy ireo izay tsy ho tsapan'ny olon-kafa afa-tsy ireo izay miaritra azy ihany.Mitanjaka izy ireo,

sola, ary mifanakaiky avokoa, mihetsiketsika toy ny kankana.Doran'ny afo ny vatan'izy ireo.Tsy misy ahafahana mitsoaka ireo olona any satria avobe tsy hay hanihina ny rindrina, sady misy vainafo ny sisiny.Na tsy notenenin'ny tompo tamiko aza dia fantatro fa teo amoron'ny farihy mirehitra afo aho.Tany an-danitra aho natorony zavatra miavaka sy mahafinaritra, fa avy eo kosa natorony ny helo.Nentiny tany aho.
Ny zavatra hitako voalohany dia afo miredareda sy lavaka mainty lalina tsy manam-petra. Mitanjaka ny olona any no sady sola, tsy misy volo, tsy miakanjo, vatana tsy mitafy.Mifanatona izy rehetra, toy ny mitady làlana hivoaka ny afo.Vao mihetsika nefa izy ireo dia manaraka azy koa ny afo, mankany aloha, mankany aoriana, miankavia sy miankavanana.Afo avokoa ny ao amin'ilay lavaka.Tsy naharitra aho fa nitomany noho ny fahitako ny fijalian'izy ireo.Afaka miakatra tampoka amin'ny fomba tsy ampoizina ny afo ary miovaova ny lalany.Miezaka mitsoaka ny olona, nefa vantany vao toy ny afaka kely dia efa misy afo hafa indray mitranga avy eo anoloany.Tsy misy fialan-tsasatra ho an'ireo olona ratsy vintana mijaly noho ny fahotany.Voaheloka ho may dorana sy hatono mandrakizay ireo olona ireo ka tsy afaka mitsoaka."***Iza daholo ireo ?***" "***Olona tsy nahalala ahy ireo anaka.***"

Nentina tany fanindroany aho ka mbola hitako tao ireo olona ireo.Nandre feo aho avy teo ka natopiko tany ny masoko.Betsaka tantsinanana any.Nisy vehivavy iray nikopaka ahy sady nanao hoe : " may ! may !" nifanena ny masonay ka hay ny reniko io.Raha nahita azy aho dia nitriatra ny foko ka nitomany fatratra aho.Tsy mbola tsaroako nalahelo toy izany aho, tsy mbola tsaroako. Mafy tamiko nefa tsy hitako izay hatao, izy amin'io miteny foana hoe « may !» miezaka mihanika mankaty amiko izy ary raha ny fahitako ny fihetsiny dia toa miangavy ahy mba hidina hanampy azy.Nijery olon-kafa aho nony avy eo ka hitako tao ny raiko, ny renikeliko sy ny zanakavako izay maty tanora ary olom-pantatro roa.Oh, mafy amiko io fahatsiarovana io, tsy nitsahatra ny nitomany aho, nigogogogo, nitomany.Niteny tamiko ny Tompo avy eo ka hoy izy : "***Anaka, misy antony no anehoako anao izao, aoka ho fantatrao fa mbola ory lavitra noho ianao aho***".Hoy ny navaliko azy : "***Tompo ô ! maty tanora io reniko io, narary nandritry ny fotoana naharitra ary heveriko fa tsy olon'dratsy izy***".Fa hoy izy namaly : " ***Na ahoana na ahoana fiainan'ny olona, rehefa tsy mahalala ahy izy dia aty ihany no toerana azony aleha".***Nieritreritra tao am-poko aho hoe: "***Inona koa no eo fa atoronao ahy izao rehetra izao mba hampahoriana ahy***".Na dia nieritreritra izany aza aho dia tsy tezitra taminy.Tsy hitako ny endriny nefa azoko an-tsaina fa niara-nitomany tamiko izy.Tsapako fa nalahelo mafy izy, nokasihiny ny lohako avy eo ka noraisiny ny tanako ary nivoaka izahay.Tsy nitsahatra ny nitomany aho teny an-dalana.Hazavaiko amin'nyantssipirihany izany rehetra izany ao amin'ilay boky.
Namangy ahy indray izy ka nanoro ahy zavatra vao may mampalahelo: Zazakely nesorina marobe. Nentiny tamin'ny trano lehibe iray aho, toy ireny trano fitehirizana entana ireny.Niditra tao izahay ka tsy nisy zavatra hitako afa-tsy zaza mbola kely dia kely miboridana betsaka.Matory mifanakaiky izy rehetra.Ouf..., nanomboka nitomany aho.Tompoko, fa nahoana no misy zazakely marobe? "***Zaza nesorina ireo***", hoy izy." *Dia inona izao no hataonao amin'izy ireo?* Hoy aho"  "***Raha voavonjy ny renin'izy ireo ka mankany amin'ny paradisa dia hifanena amin'ireo zanany any.***"

***Tamin'ny dian'i Choo faha-17 tany an-danitra dia nolazain'ny Tompo fa io no handehanany farany any.Toy izao no nosoratany momba izay :***
Mandona lalina ahy ny teniny.Feno fitiavana azy ny foko.Nitsangana izy ka fantatro fa tonga ny fotoana handehananay.Nitomany aho nefa natoky tao am-poko satria fantatro fa hiaraka amiko mandrakizay izy ary homba ahy izy rehefa ho ety an-tany aho.Nisy anjelin'Andriamanitra namihina ahy tao amin'ilay trano fisoloam-pitafiana.Hafa mihitsy rehefa any amin'ny toerana feno fitiavana. Eo foana ny fifankatiavana sy fifankahazoana.Teo am-pisoloana akanjo aho dia efa fantatr'ilay anjely sy Abrahama  fa io no fotoana farany handehanako any.Norohan'ilay anjely farany aho rehefa niala to amin'ilay trano fisoloana akanjo.Miloko blond ny volon'io anjely io, fotsy ny fitafiany, ary malefaka sady feno fitiavana ny tarehiny.Rehefa nandroso nankany amin'ny Tompo aho dia nitsiky tamiko ilay anjely.

Tamin'io fotoana faha-17 nitondran'ny tompo ahy tany an-danitra io dia natorony rahona aho.Io no fotoana namangiako tany farany.Niteny tamiko ny tompo fa io no fotoana farany handehanako any. ***"Tsy hitondra anao aty intsony aho raha tsy amin'ny andro farany"*** toy ny andro farany no niainako io andro io.Nitomany mafy aho satria ty te-hiala tany.Nohazoniko ny sandriny, ary hoy aho taminy: "***Tompo ô ! Raha azo atao, aza alefa aho,*** *tsy te-handeha aho fa te-hiverimberina aty foana*.Nalahelo mafy aho, nandrotiaka ny foko ny tsy hahafahako miverina any intsony, nahita zavatra mampalahelo maro aho rehea niaraka taminy nefa koa nahatsapa fiadanam-po sy hafaliana tsy haiko hazavaina, tsy ho haiko na oviana na oviana ny hamaritra ny hasambarako sy ny hafaliako rehefa eo anilany.Eny e, nalahelo mafy aho nefa tsaroako ho, faly sy sambatra ihany. Fitiavana mamy, Nitomany nandritry ny andro maromaro aho. Miteny mantsy ny baiboly fa indray andro any, hiverina i Jesosy Kristy ho an'ny fiangonany.Izao no voasoratra ao amin'ny 1 Tesalonianina 4:16, " ***Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha.*** " "ny fampakarana" io resahina io.

Herinandro vitsivitsy taorian'ireny zavatra rehetra nitranga ireny dia nentin'ny Tompo teo amin'ilay morondrano ety an-tany niaraka taminy ny vatako ara-panahy.Niara-nipetraka teo amin'io morondrano falehanay io izahay, niresadresaka elaela teo, ***« misy zavatra hatoroko anao »***, hoy izy.Tsitapitapitr'izay dia nandre feo aho satria isaky ny manoro zavatra manokana ahy izy dia mandre feo avy ao an-kiboko aho.Mafy no sady naharitra ela ilay feo.Nihanitabataba mafy hatrany. Ohatry ny hoe hitriatra mihitsy izao tontolo izao noho ilay tabataba, mafy izany an! Mamaky ampongantsofina. Avy eo dia hitako fa niova fotsy ny tontolo.Misy olona miakanjo fotsy maro manidina, mivoaka avy any dia manjavona tsy hita dia toy izany hatrany.Feno oona amin'io eny amin'ny rivotra.Fantatro teo fa ny fampakarana io.Nihomehy aho, nitomany, nikiakiaka nibitabitaka. Avy eo hitako ny zafikeliko mbola vao folo volana monja, tsy nisy volo teo amin'ny lohany.Ary hitako izy nivoaka ny varavarankely, nitafy akanjo fotsy ary ny volony lava hatreo amin'ny sorony. Azonareo an-tsaina angamba nyhafaliako tamin'izay.Iray minitra taorian'io dia hitako indray ny zafikeliko hafa izay vao efa-bolana ary tsy misy volo koa.Nivoaka avy teo am-baravarankely, ary toy ilay zafikeliko voalohany dia nitafy akanjo fotsy koa izy, ary ny volony tonga hatreo an-tsorony. Nikiakiaka aho, nitomany, nihomehy, aoka izany ny hafaliako.Tsy mbola tsaroako niravoravo sy navitrika toy izany aho tamin'ny fiainako!Nandre ahy avokoa ny olon-drehetra tao an-trano, soa ihany aza fa tsy teo ny vadiko fa angamba noheveriny ho nisy nipitsoka kely aho.

Avy eo dia natoron'ny Tompo tranga hafa indray aho, tranga mahatsiravina sy mampalahelo.Ny baiboly dia manambara tahotra sy horohoro mafy fotoana kely aorian'ny fampakarana.Ao amin'ny matio 24:21-22, niteny i Kristy hoe: " ***Fa amin'izany andro izany dia hisy fahoriana lehibe, izay tsy mbola nisy toa azy hatrizay niandohan'izao tontolo izao ka mandraka ankehitriny, sady tsy hisy intsony.22 Ary raha tsy efa nohafohezina izany andro izany, dia tsy nisy nofo hovonjena; fa noho ny olom-boafidy dia hohafohezina izany andro izany.*** "Ity no "grande tribulation".Nampahitan'ny Tompo tranga hafa aho teo.Hitako ireo olona navela.Mino aho fa betsaka tamin'izy ireo ny kristiana.Izay no nampihazakazaka azy ireo, sa tsy izany?Tsy ho nihazakazaka izy ireo raha tsy noho izy kristiana.Feno mpitandro filaminana ny tanàna, feno olona maro koa, nefa tsy misy ataon'izy ireo afa-tsy ny mihazakazaka, mihorohoro izy reo ary hita amin'ny endriny ny tahony.Ao ny mamonjy fiara, ao ny mamonjy sambo, ao kosa ny mankany an-tendrombohitra.Tsy hitan'izy ireo izay haleha, hoatry ny hoe henjehin-javatra izany izy ireo, matahotra mafy! Mahatsiravina, mahatsiravina.Niteny tamiko ny Tompo avy eo hoe : ***"Tsy misy dikany ilay zavatra hitanao teo raha mitaha amin'ny tena hitranga marina amin'izany andro izany*** ".Avy eo dia hoy izy: "***Rehefa hampakarina ny vahoakako dia i satana no hifehy izao tontolo izao, ka amin'izany dia hataony izay handraisan'ny olona rehetra ny mariny 666. Ireo rehetra tsy mety mandray dia hotapahin-doha***. " Ireo izay tsy te-handray ny mariky ny bibidia, ny marika 666 dia hanome ny fiainany an'i Jesosy, ary te-hiaraka aminy mandrakizay.
Apokalypse 20:4 Ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay; ary tsy manam-pitsaharana na andro na alina izay miankohoka eo anoloan'ny bibidia sy ny sariny, na izay mandray ny mariky ny anarany..
Apokalypse 14:11Noho izany dia tokony ho fantatry ny rehetra izany rehetra izany fa tsy mora

akory izany maty tapahin-doha izany.Hampijaliana mafy izy ireo alohan'ny hanapahana ny lohany, satria tsy hamela anao moramora akory I satana.Na iza na iza mandre ity hafatra ity noho izany, raha tsy manana fifandraisana akaiky amin'ny Tompo Jesosy ianao, azafady, ataovy izay hahavoavonjy anao.Raha sanatria moa ianao ka anisan'ireo navela dia aza mandray ny marika 666 mihitsy na oviana na oviana, na inona na inona mety ho vokany.Aleo miaritra mandritry ny fotoana kely toy izay hijaly hodoran'ny afo mandrakizay.Azafady, miangavy indrindra, aoka mba tsy ho raisinao ho vazivazy izany resako izany!

***Ny boky "Heaven is so Real" dia efa voadika amin'ny fiteny maro amin'izao fotoana izao ary efa aparitaka manerana izao tontolo izao.Noraisim-peo ho mp3 koa izy io ka azo alaina amin'ny internet.***

Mandeha be io boky io; malaza eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.Namiasain'ny Tompo i dokotera Youggi Cho handika azy.Nandaniany roa volana izany.Nefa isaky ny manao izy dia mandany eo amin'ny 6 na 7 volana eo! Vao natota tany korey fotsiny io boky io dia nalaza tsy misy toa azy avy hatrany.Laharana voalohany izy any.Ilay andriamanitra mahery no nampiasa an'i DR. Yonggi Cho tamin'ny fomba mahagaga.Eo ho eo amin'ny 800000 ny olona miangona ao amin'ny fiangonany.Nampiasain'ny Tompo izy handika io boky io, nofidiany, deraina ny Tompo!Ary io boky io dia bokin'ny faraandron'i Jesosy Kristy.Tiany hamaky io boky io avokoa ny kristiana rehetra ka hijoro vavolombelona amin'ny olon-kafa.Ary izany izao no ataon'ny ankamaroan'ny olona, rehefa mividy ny olona iray, tonga dia mividy ampolony, ao aza ireo mividy anjatony.Lazain'izy ireo amin'izany fa io boky io no fitaovana tsara indrindra ahafahana mijoro vavolombelona aorian'ny baiboly.Manaraka izany dia mandray mailaka maro aho.Tsy manana fotoana ho ahy intsony aho! Matetika koa aho mandray mailaka avy amin'ankizy 12 na 13 taona, lazain'izy ireo amin'izany fa lasa tiany ny mamaky ilay boky, tia an'i Jesosy izy ireo.Bokin'i Jesosy izy io, hoy izy ireo, ary nanova fo azy ireo ny boky.Misy mihitsy aza ny miteny amiko hoe: "Tokony hajanoko ny fianarako ka hanao asan'Andriamanitra aho."

Fa izaho kosa manao amin'izy ireo hoe: "***Aza miala mianatra izany. Tokony hanohy hianatra ianareo, tian'Andriamanitra raha manam-pahalalana ianareo***".Izay no ambarako azy ireo! Ary hoy koa aho manampy izany: «***Aoka tsy ho hadinoinareo fa Andriamanitra no tokony hataonareo laharam-pahamehana amin'izay ataonareo rehetra*** "

Faly tokoa izy ireo rehefa mamaly ny hafany aho.Azonareo, aminarivony maro no olona efa novain'io boky io, bokin'i Jesosy io, ary notanterahiny avokoa ny toky nomeny momba io, hatramin'ny voalohany ka hatrany amin'ny farany.Nolazainy fa izy no hiandraikitra io manontolo.Nolazaiko azy fa betsaka ny zavatra mampanahy ahy!Ary hoy izy tamiko avy eo: "***Inona no atahoranao ? bokiko io ka izaho no miandraikitra azy***" izany foana no ambetin-teniny.Tena noraisiny an-tanana tokoa ilay izy hatrany amin'ny voalohany ka hatramin'ny farany.

Izay mamaky io boky io dia hahatsapa fa bokin'i Jesosy io.Tena izy no nikarakara.Notanterahiny avokoa izay fanomezan-toky nataony momba io boky io.Ny fivoriana masina fampianarana mandihy no sisa tavela.Nofaniny aho mba ho mpitarika io fivoriana io.Dihy masina io, ary efa nataoko nandritry ny telo taona, no sady efa nataoko tao am-piangonana nandritry ny roa taona. efa ho telo taona sy tampany izay no niandrasako.Io miandry io no zavatra faran-izay mafy rehefa manompo ny tompo!Tsy maintsy niandry ny fotoany aho vao afaka namoaka ilay boky.Misy fotoana aho manontany tena hoe: "Sao mba tsy hivoaka ary ity boky ity***?",*** nefa hitanareo izao fa notanterahiny ny teniny.

***Tamin'ny dian'i Choo Thomas farany tany an-danitra dia nanome fampanantenana manokana azy ny Tompo.***

La fin de la visite s'est terminée après que j'aie pris soin du manuscrit. Ensuite il m'a ammenée sur la plage terrestre et nous y avons passé environ deux heures. Il m'a dit qu'Il m'emmènerait là chaque lundi. C'était le 27 mai 1996. Il n'a jamais manqué un seul rendez-vous. Il m'emmène là tous les lundi avec mon corps transformé. Il me réveil quelques minutes après 12h tous les lundi matin. Il secoue mon corps pendant 30 minutes; ni plus, ni moins .Sa présence se montre par Son corps spirituel et nous allons à la plage. Ensuite,quand nous allons là bas c'est Lui qui parle le plus souvent. Moi j'écoute. Ensuite je chante, je danse avec mon corps spirituel. Ce sont les meilleurs moments de ma vie aujourd'hui.

***Raha araky ny soratra masina, ny antony nahafaty an'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana dia ao amin'ny*** [jaona 3:16] ***« Fa toy izao no nitiavan-Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny zanany lahy tokana mba tsy ho very izay rehetra mino azy fa hanana ny fiainana mandrakizay »***. hamafisin'ny romana[10:9]

Matetika aho no mandrre olona miteny hoe : « Iza no hiasa saina aminao rehefa maty ianao ?" Fa hoy ny avaliko azy ireo matetika : "Raha izaho ianao mieritreritra dieny izao ny toerana handanianao ny mandrakizainao rehefa maty ianao". " Izany foana no teneniko rehefa mioro vavolombelona amin'olona aho. ***Toerana roa ihany no azonao aleha ao aorian'ny fahafatesana***: ***ny paradisa na ny helo.*** Nefa mamaly izy ireo ka manao hoe: " ***Euhhh, iza koa no hiraharaha ahy rehefa maty aho?*** " Hoatry ny hoe tssy fantatr'izy ireo ny zavatra hitranga ao aorian'ny faafatesana. Ary mamaly aho : « Tokony hieritreritra ny toerana hisy anareo ianareo satria na dia maty aza ny vatana,, ***ny fanahy kosa tsy mba maty, izay no mahatonga anareo mbola afaka handre fangirifiriana, na hafaliana sy hasambarana, mitovy aminareo mbola velona izao ihany"***. Fa mbola mafy loha ihany izy ireo. Tezitra amiko mihitsy aza izy ireo amin'izany, fa mbola manohy miteny ihany aho : "***Mino aho fa hotsaroanareo indray andrroany ny zavatra nolazaiko. Mahafantatra an'i Jesosy ve ianareo*** " « fantatro Andriamanitra » hoy izy ireo. Fa hoy aho mamaly azy ireo : « I Jesosy koa dia Andriamanitra, Izy dia Ray sy zanaka ary fanahy masina. Ny fahafantaranao an'Andriamanitra fotsiny tsy ampy hahtonga ano any an-danitra"". Miteny aho ka miteny, fa tsy te-hihaino ahy akory ny ankamaroan'ireo olona ireo. Teneniko tsotra izy ireo hoe : « eny ary, ***, Tsy mino ianareo izao, manantena anefa aho fa hino ianareo indray andro any***". Miteny ihany aho ka miteny, fa izy ireo tsy mety mandray ny fanomezana maimaim-poana, ny famonjena. Inona ary hoy ianareo no zavatra lazaiko amin'izy ireo?

"***OK, Tsy mety mino ianareo ? Tsy maninona, fa ho hitanareo fa avy ny andro hampakarana ny vahoakan'andriamanitra, Amin'izay ianareo vao hahatsapa ny fahamarinan'izay lazaiko aminareo amin'izao fotoana izao***. ***Fa miangavy ihany aho, rehefa ho tonga izany andro izany dia aza mandray ny mariky ny bibidia mihitsy, ny marika 666. Raha vao mandray ianareo dia hodorana any amin'ny helo mandrakizay mandrakizay*****.** ***Azafady, azafady, azafady, aza raisina mihitsy ny marika 666*****!** ***Tadidinareo ve izay? "*** Hitanareo ? ny sasany amin'izy ireo mamaly hoe : "***OK***". Miteny izany amin'olona maro aho. Ho anareo izay mbola tsy nanao ny vavaka famonjena mandrak-androany dia hivavaka miaraka aminareo aho. Azafady, avereno izay lazaiko :

***" Ry Jesosy Tompo ô ! mino aho fa zanak'Andriamanitra ianao ary maty ho ahy. Raha azo atao, Midira ao am-poko, ary aoka ho ianao no tompoko sy mpamonjiko. Mangataka aho ny hamelanao ny fahotako rehetra ka handiovanao ahy amin'ny rànao soa, Manomboka izao dia aoka ianao no hifehy ny fiainako iray manontolo. Jesosy ô! Fenoy ny fanahinao masona aho, Aoka ho fitaovana hanehoana ny voninahitrao aho, ho mpankato isanandro isanandro ka mba hanova fiainan'olona. Ray ô ! misaotra noho ny fandraisanao ahy ho zanaka. Amin'ny anara-masin'i Jesosy , amen. Alléluia "***.

Niara-nanao io vavaka io tamiko ianareo teo, ka noho izany raha azo atao, mandehana any am-piangonana, mihainoa ny tenin'Andriamanitra torian'ireo mpitandrina, vakio sy diniho isanandro ny baiboly, Mivavaha im-betsaka ao anatin'ny indray andro ary mifankazàra amin'i Jesosy. Misaotra, amen, Alléluia !

***Amin'ny anaran'ny fiangonana tarihin'i Choo Thomas no isaorako anareo naharitra nijery ity fandaharana ity. Ao amin'ilay boky "Heaven is so Real", dia niteny ny Tompo fa ho avy aloha kokoa izy ho an'ny fiangonany fa tsy araky ny iheverantsika azy. Aoka isika rehetra ho vonona lalandava, noho izany. Ho an'Andriamanitra irery anie ny dera.***

***Translated by [Hery Rasolofoarinivo].***